REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE**
------------------------

**MINISTERE DES FINANCES ET DU BUDGET**
--------------------------

**ARRETE INTERMINISTERIEL N°21.285/2018**

**fixant le taux de frais de stage et/ou de voyage d'études des apprenants dans les Ecoles de Formation de Technicien Agricole (EFTA).**

**LE MINISTRE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE,**

**LE MINISTRE DES FINANCES ET DU BUDGET,**

- Vu la Constitution ;
- Vu la loi organique n°2004-007 du 26 juillet 2004 portant dispositions générales sur les Finances publiques ;
- Vu la loi n°2008-011 du 17 juillet 2008 modifiant certaines dispositions de la loi n°2004-004 du 26 juillet 2004 portant orientation générale de système d'éducation, d'enseignement et de formation à Madagascar ;
- Vu le décret n°2005-003 du 04 janvier 2005 portant règlement général sur la comptabilité de l'exécution budgétaire des organismes publics ;
- Vu le décret n°2017-765 du 12 septembre 2017 portant création et organisation des « Ecoles de Formation de Technicien Agricole » (EFTA) au sein du Ministère auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Elevage ;
- Vu le décret n°2017-1102 du 28 novembre 2017 modifiant et complétant les dispositions du décret n°2017-121 du 21 février 2017 fixant les attributions du Ministre des Finances et du Budget, ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
- Vu le décret n°2018-529 du 04 juin 2018 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-540 du 11 juin 2018 portant nomination des membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-544 du 14 juin 2018 fixant les attributions du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;

**ARRETENT :**

**Article premier :** Les frais de stage et/ou de voyage d'études qui couvrent les dépenses diverses de déplacement sur les lieux de stage, d'organisation, d'entretien et d'alimentation, sont payables aux apprenants et peuvent faire l'objet d'avance jusqu'à la concurrence du nombre de journées de stage prévu.

Ils sont mandatés au nom d'un billeteur.

**Art.2 :** Le taux de frais de stage et/ou de voyage d'études des apprenants dans les Ecoles de Formation de Technicien Agricole (EFTA) est fixé à «CINQ MILLE Ariary» par jour, par apprenant (Ar 5.000/jour/apprenant).

**Art.3 :** Ces frais de stage et/ou de voyage d'études sont imputables au Budget Général, à la ligne de crédit des EFTA, au compte 6564 : régularisation des droits acquis.

**Art.4 :** Les pièces justificatives devant être produites pour l'exécution budgétaire des dépenses afférentes aux frais de stage et/ou de voyage d'études des apprenants des EFTA sont les suivantes :

- pour les frais de stage : une attestation de stage par apprenant qui mentionne la durée de stage, délivrée par l'entité d'accueil et une décision du Directeur portant attribution des frais de stage préalablement visée par le Contrôle Financier ; et
- pour les frais de voyage d'études : une attestation collective de visite délivrée par l'entité visitée et une décision du Directeur, portant attribution des frais de voyage préalablement visée par le Contrôle Financier.

**Art.5** : Sont et demeurent abrogées les dispositions antérieures et contraires à celles du présent arrêté interministériel.

**Art.6 :** L'Ordonnateur et l'Agent comptable de chaque Etablissement sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent arrêté qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 03 septembre 2018

LE MINISTRE DES FINANCES ET DU BUDGET

LE MINISTRE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

| MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA | MINISITERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA |
| --- | --- |
| ------------------------ | --------------------------- |

**DIDIM-PITONDRANA IRAISAN'NY MINISITERA LAHARANA FAHA-21.285/2018**

**Amaritàna ny tahan'ny saran'ny fianarana asa sy/na ny « *voyage d'études* » ireo mpiofana eo anivon'ireo Sekoly Fampiofanana ho Tekinisianina momba ny Fambolena (EFTA).**

**NY MINISITRY NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA,**

**NY MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA,**

- Araka ny Lalàmpanorenana;
- Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny fepetra ankapobe ny Fitantanam-bolam-panjakana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2008-011 tamin'ny 17 jolay 2008 anovàna ireo fepetra sasantsasany ao amin'ny lalàna laharana faha-2004-004 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny fitarihana ankapobe ny rafim-panabeazana, fampianarana sy fampiofanana eto Madagasikara ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2005-003 tamin'ny 04 janoary 2005 mametraka ny ftsipika ankapobe ny fitanàna ny fanatanterahana ny tetibolan'ny orin-draharaham-panjakana ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2017-765 tamin'ny 12 septambra 2017 ananganana sy andaminana ireo « Sekoly Fampiofanana ho Tekinisianina momba ny Fambolena »(EFTA) eo amin'ny Minisitera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2017-1102 tamin'ny 28 novambra 2017 anovàna sy amenoina ireo fepetra ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-2017-121 tamin'ny 21 febroary 2017 mametra ny anjara andraikitry ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ary koa ny ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-529 tamin'ny 04 jona 2018 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-540 tamin'ny 11 jona 2018 anendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-544 tamin'ny 14 jona 2018 mametra ny anjara andraikitry ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA MANARAKA IZAO:**

**<u>Andininy voalohany</u>:** Ny saran'ny fianarana asa sy/na ny « *voyage d'études* » izay ao anatin'ny fandaniana isan-karazany momba ny fandehanana eny amin'ny toeram-pianarana asa, ny fandaminana, ny fikarakarana sy ny sakafo, dia azo aloha amin'ireo mpiofana ary azo aloha mialoha arak any isan'ny andro ianaran'asa voatondro.
Ireo sarany ireo dia atao amin'ny anaran'ny « *billeteur* » iray.

**<u>And.2</u> :** Ny tahan'ny saran'ny fianarana asa sy/na ny « *voyage d'études* » an'ireo mpiofana eny anivon'ny Sekoly Fampiofanana ho Tekinisianina momba ny Fambolena dia ferana ho «DIMY ARIVO Ariary» isan'andro, isaky ny mpiofana (Ar 5.000/andro/mpiofana).

**<u>And.3</u> :** Ireo saran'ny fianarana asa sy/na ny « *voyage d'études* » ireo dia soratana ao amin'ny Tetibolam-panjakana ankapobe, ao amin'ny kaontin'ny EFTA izay mitondra ny laharana-6564 : « *régularisation des droits acquis* ».

**<u>And.4</u> :** Ireo antontan-taratasy fanamarinana tsy maintsy homena ho fanatanterahana ny tetibola momba ny fandaniana mifandraika amin'ny saran'ny fianarana asa sy/na ny « *voyage d'études* » an'ireo mpiofana eo anivon'ny EFTA dia ireto manaraka ireto :

- Ho an'ny saran'ny fianarana asa: taratasy fanamarinana ny nahavitana ny fianarana asa iray isaky ny mpiofana izay ahitana ny faharetan'izany, avy amin'ilay antokon-draharaha nandray, sy fanapahan-kevitry ny Tale momba ny fanomezana ireo saran'ny fianarana asa ireo, izay nankatoavin'ny Mpanara-maso mikasika ny Fitantanam-bola mialoha ; ary
- Ho an'ny saran'ny « *voyage d'études* »: taratasy fanamarinana ny fitetezana iraisana, avy amin'ilay antokon-draharaha notetezina sy fanapahan-kevitry ny Tale momba ny fanomezana saran'ny « *voyage d'études* » ireo, izay nankatoavin'ny Mpanara-maso mikasika ny Fitantanam-bola mialoha.

**<u>And.5</u>** : Foanana ary dia foana ireo fepetra taloha sy mifanohitra amin'ireo izay voalaza ao amin'ity didim-pitondrana iraisan'ny Minisitera manaraka ity.

**<u>And.6</u> :** Ny Mpanalalana sy ny Mpitan-kaonty isaky ny EFTA no misahana, araka izay tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-pitondrana manaraka ity, izay ho raketina sy avoaka amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo, ny 03 septambra 2018